**AMBOHIPO** 4

# LEHILAHY TRATRA NAMAKY TRANO, NIHARAN'NY FITSARAM-BAHOAKA

**MARINA IZANY !** 7

## MBA TSY HO SEHO IVELANY !

**Gazetiko**
**25 taona**

**FIFANINANANA TONONKALO**
**FITSIPIKY NY FIFANINANANA**
**PEJY FAHA - 3**

Gazetiko
www.gazetiko.mg
Laharana 7515 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alarobia 08 martsa 2023

**TAKAITRAN'I FREDDY** 2

## NIAKATRA 8 IREO MATY, MBOLA MISY 1 KAROHINA

**FANKALAZANA NY 8 MARTSA** 2

# NITARIKA NY DIABE I MIALY RAJOELINA SY IREO VEHIVAVY MINISITRA



**CAN 2023 FIFANINTSANANA** 8



## MATIHANINA 15 LAHY NO NANTSOIN' I NICOLAS DUPUIS

**POLYTEKNIKA VONTOVORONA** 2

# NITOKONA NY MPIANATRA, NIREFODREFOTRA NY LAKRIMOZENA, NISY MPIANATRA NARATRA

**FAMOLAVOLANA LALAM-PIFIDIANANA VAOVAO** 7

## FIRAISAMONIM-PIRENENA 14 NANGATAKA NY FFKM HITARIKA FIKAONAN-DOHAM-PIRENENA

**TALE JENERALIN'NY INSTAT** 4

## MIROSO NY DINIKA HAMAHANA NY OLAN'NY MPIASA



Fankalazana ny 8 martsa

# Nitarika ny diabe i Mialy Rajoelina sy ireo vehivavy minisitra

*Noezahina natao an-tsary ireo hakanton'ny vehivavy.*

Niainga maraina teo amin'ny kianja mitafon'Ankorondrano, nihazo ny "route des hydrocarbures" hatrany amin' ny Stade Alarobia ny diabe, hazakazaka notarihin'i Mialy Rajoelina niaraka tamin'ireo mpikambana vehivavy sasany ao amin'ny governemanta, omaly, ho fanamarihana ny 8 martsa. Notronin' ny fikambanam-behivavy maro izy ireo nandritra izany fotoana izany ary nofaranana tamin'ny zumba niarahan'ny rehetra tao amin'ny kianjan'Alarobia ny fotoana. Nihazo ny zaridainan' Ambohijatovo indray avy eo nijery ny fampirantiana artistika. Noezahina natao an-tsary ireo hakanton'ny vehivavy izay matetika afenina rehefa nosokajiana ho ratsy na tsy mendrika. Tafiditra ao anatin'izany ny kentrona, tasy amin'ny tarehy, takaitra nandritra ny fitondrana vohoka sy ny maro hafa. Marika entina itanisana ny zavatra iainan'ny vehivavy iray ny traikefa niainany, sady ho fanoitra hoentiny miatrika zavatra maro eo amin'ny fiainany. Ny tolakandro kosa, nisy ny teatra natao tao amin'ny kianja Analamaitso ary nofaranana teny Andraharo, niarahana tamin' ny firenena mikambana kosa ny folakandro. Marihina fa eto Antananarivo no atao ny ivon'ny fankalazana ny andro iraisampirenena ho an'ny vehivavy ary an'arivony maro ireo vehivavy avy any amin' ny faritra tonga eto. **Nath**

Polyteknika Vontovorona

# Nitokona ny mpianatra, nirefodrefotra ny lakrimozena, nisy mpianatra naratra

Nitokona indray ny mpianatra teny amin'ny Polyteknika Vontovorona omaly. *''Nirefodrefotra ny lakrimozena teo amin'ny vavahady sy tamin' ireo barazy nataonay maromaro. Nisy ireo mpianatra naratra noho ny fandosirana ny fipoahan'ny baomba mandatsa-dranomaso. Antony hitokonanay ny tsy nahazoana vatsim-pianarana 5 volana miampy fampitaovana. Eo koa ny ambina vatsimpianarana tsy mbola voaray tamin'ny taom-pianarana 2021-2022''*, hoy ny solontenan'ny mpianatra eny Vontovorona taminay omaly. Mbola misy ihany koa ny fitakiana hafa tsy mahafaly ny mpianatra, toy ny tokony hamerenana amin'ny laoniny ny herinaratra sy ny ''disjoncteur'' izay tokony hohavaozina ao amin'ny trano fonenan'ny mpianatra. *''Hatramin'izao izahay mpianatra may trano dia tsy mbola manana trano ipetrahana. Any amin'ireo namana mba afaka mampiantrano sisa no mba misisika izahay. 76 no isanay ary ny namana no miantra anay''*, hoy ireo mpianatra tsy manana trano ipetrahana. Hatreny amin'ny CEG Alakamisy Fenoarivo ny sakana napetraky ny mpianatra. **Heriniaina A.**

Ankatso - CEDS

# Afaka mitondra fampandrosoana ny serasera



**Ireo vehivavy nizara traikefa teny Ankatso omaly.**

Vehivavy sy ny serasera. Io no lohahevitra lehibe nentin' ireo vehivavy mpikambana tao amin'ny CEDS andiany faha-XIX niaraka tamin'ny klioba Arisera ho an'ireo mpianatra serasera ao amin'ny COMMO teny Ankatso omaly. Raha miresaka fampandrosoana tokoa mantsy isika, mbola betsaka ireo sakana tsy hahafahan' ny tanora miasa araka ny diplaoma ananany. Misy ho avy azo vehivavy antena ve ao anatin'ny tontolon'ny serasera ? Namelabelatra sy niresaka ary nitari-dalana ireo mikasika izany lohahevitra goavana be izany nandritra ny ora iray ireo vehivavy efa miasa ao anatin' ny tontolo ka anisan'izany i Harilala Ramanantsoa, Lova Rabary, Rindra Rakotoarisoa, Hilda Hasinjo, Onja Randriamanakoto, ary i Zoniaina Razafinarivo. Marobe ny torohevitra naroson'izy ireo ho an'ny mpianatra amin' izao andiany voalohany amin'ny velakevitra izao ary azo antoka fa mbola ho betsaka ny torohay hitarihana ireo tanora hiantsehatra ao anatin'ny fampandrosoana. Fotoana ihany koa io nanehoan'ireo CEDS andiany indray mihira XIX ny fahaizamanaon'izy ireo amin'ny fifandraisana iraisam-pirenena na amin'ny resaka ekonomika na ara-barotra, indrindra moa araka ny lalàna. **Nath**

Mpiasan'ny CTC-19

# Niverina nitokona teny Ambohidahy

Tsy mety mivaha ny olan'ireo mpiasan'ny CTC-19. Niverina nitokona manoloana ny vavahadin'ny minisiteran'ny fahasalamana teo Ambohidahy izy ireo omaly. Nahariharin'izy ireo tamin'ny sora-baventy ny fanahiana kolikoly amin'ny fandraisana azy ireo ho mpiasam-panjakana raikitra. Anisan'ny sora-baventy hita teny an-toerana ny hoe *"Tanteraho ny voalazan'ny filankevitry ny minisitra"*. *"Ataovy mangaraharaha ny fandraisana mpiasa"*. *"Tsy manana 6 tapitrisa Ariary hidirana ho mpiasam-panjakana izahay"*, sns. Nisy solontena enina avy amin'izy ireo niditra nifampidinika tamin'ireo tomponandraikitra tao amin' ny minisitera. Taorian'ny fihaonana dia nilaza ireto farany fa nilamina ny resaka nifanaovana ary nanome fepotoana hanatanterahana ny fangatahan'izy ireo ny minisitera. Nirava koa ny fitokonana taorian'izay. **R. Muray/Ariel D.**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Ny finoana dia matoky sady miakatra avy hatrany na dia tsy hita aza ireo zana-tohatra mety hiafarany."

Ny Vetso (03.02.14)

Takaitran'i Freddy

# Niakatra 8 ireo maty, mbola misy 1 karohina

Mihamavesatra ny takaitra navelan'ny rivodoza Freddy. Araka ny tatitra ofisialy navoakan'ny BNGRC, na Birao nasionaly misahana ny fitantanana ny ambana sy ny loza, omaly, dia niakatra 8 ny isan'ireo olona namoy ny ainy. Tao amin'ny distrikan'i Bekily ny 1, tao Ampanihy Andrefana ny 2, tao Morombe ny 3, ary tao Toliara II ny 2. Mbola misy olona 1 karohina kosa ao Ankazoabo. Niakatra 40 375 ireo olona traboina. Avy amin'ny tokantrano 8 896 ao anatin'ny faritra Atsimo Andrefana sy Androy ary Menabe avokoa ireto traboina ireto. Traboina 14 502 avy amin'ny tokantrano 3 649 no efa nafindra toerana noho ny fahasimban-trano sy fiakaran'ny rano. Ny 6 723 nalefa any amin'ny toerana fandraisana traboina miisa 14 ary ny 11 338 nandeha nifindra any amin'ny fianakaviany sy ireo mpifanolo-bodirindrina aminy. Trano 3 649 no tondraky ny rano. Trano 1 008 kosa no potika tanteraka.

**R. Muray**

Raharaha Base Toliara

# Nampaneno lakolosy ireo mponina ao Tsianisiha

Tsy laitra ampanginina ny fitakian'ireo vahoaka mitaky ny fanokafana ny tetikasa Base Toliara ao amin'ny faritra Atsimo Andrefana. *"Izahay ato amin'ny kaominina Tsianisiha dia mangataka amin'ny Filohan'ny Repoblika mba hamerina ny fampandehanana ity tetikasa ity. Afaka ny hanome asa ho an'ny tanora ary efa nanofana olona namboly legiôma, izay hoentina mamaly ny filàn'ny kaompania tompon'ny tetikasa ihany. Ireo milaza ho mpanohitra ity tetikasa ity rahateo dia tsy avy eto aminay fa avy any amin'ny distrika hafa. Tsy vitan'izany fa mbola mpanohitra ny Filoham-pirenena koa izy ireo amin'izao fanakaikezan'ny fotoam-pifidianana izao."*, hoy ny ben'ny tanànan'i Tsianisiha, Rakotomavo Doddy Jummerman. Niray hina niaraka tamin'ity ben'ny tanàna ity nitondra ny hetahetany ireo vahoaka tany an-toerana. Nahatsapa ireto farany fa nisy fahabangana lehibe nanomboka tamin'ny taona 2019 nikatonan'ny Base Toliara, toy ny asa, ny fotodrafitrasa, ny fanofanana, ny tamberimbidy, ny tataonketra, ny tsenam-barotra ho an'ireo orinasa eny ifotony, sns. *"Mandalo fahasarotana ny faritra Atsimo Andrefana. Tsy misy orinasa hanome asa ho an'ireo tanora amam-behivavy eto. Tsy misy fampandrosoana eto Toliara raha tsy misy Base Toliara, satria manana fahafahana mamatsy vola ny toekaren'ny faritra ity tetikasa ity."*, hoy i Tovonaiko Niriko François, mponina avy ao amin'ny fokontany Tsianisiha II. Miandahy miambavy amin'ny fitakiana ny fanokafana ity tetikasa ity avokoa ireo mponina any an-toerana. *"Handeha tsara ny fiainanay raha mihodina ity tetikasa ity. Afaka manao asa mifanaraka amin'ny fahaiza-maonay izahay, toy ny fambolena, ary ireo mifanaraka amin'ny filàn'ny Base Toliara. Tiako koa ny mitondra fanamarihana fa tsy mbola nisy olona narary mihitsy noho ny fisian'ity kaompania ity teto aminay"*, hoy i Estante, solontenan'ireo vehivavy avy ao amin'ny fokontany Andoaharano I.

**R. Muray**


# PETITES ANNONCES *Gazetiko*

## MIVIDY

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, lamba, poketra sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.72.834.38. (G-BA 494/20-5)

## COURS

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 495/5-3)

## SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.84.866.77. (G-BA 493/6-6)

## VIDANGE

* Vidange wc & puisard, construct°, plomberie. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 492/10-7)

* Service vidange fosse septique, wc gasy, puisard, pompage, réparation. Tél : 034.47.024.33 / 034.16.145.06. (G-BA 476/20-17)

* Vidange fosse avec pompage, puisard Makiplast, wc perdu, réparation. Tél : 034.50.547.47. (G-BA 479/20-16)

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast, puisard avec pompage. Tél : 034.86.213.53. (G-BA 485/15-12)

* Vidange fosse, wc 101, wc gasy Makiplast, puisard, débouchage. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.25. (G-BA 490/15-8)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 497/6-1)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 497/6-1)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 497/6-1)

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast, puisard avec pompage. Tél : 038.23.389.80. (G-BA 498/20-1)

## MITADY ASA

* Maçon mpanangana sy mpanao finit°, matihanina. Mitady asa, eqp za-draharaha. Tél : 034.23.909.68. (G-BA 496/5-2)

Gazetiko - 25 taona

# Hisy fifaninanana tononkalo hahazoana loka goavana

*Loka 10 mitentina 2 250 000 Ar no hozaraina amin'izany.*



**Feno 25 taona amin'ny 7 aprily izao ny Gazetiko. (Sary : Kelly)**

« *Gazetiko 25 taona* ». Io no lohahevitra hanompanana ny fifaninanana tononkalo, izay hoentina mankalaza ny jobily volafotsin'ny Gazetiko. Feno 25 taona katroka amin'ny 7 aprily 2023 izao mantsy ity Gazetiko vakinao ity. Ny 7 aprily 1998 no nivoaka tamin'ny fomba ofisialy manerana ny Nosy ny Gazetiko, izay hankalazaina miaraka amintsika mpamaky amin'ny alalan'ity fifaninanana tononkalo ity. Loka 10 mitentina 2 250 000 Ar no hozaraina amin'izany, ka ny 5 amin'ireo ho an'ny tononkalo mendrika nofidianareo mpamaky fa tsara sy mendrika indrindra. Ny loka 5 hafa kosa ho an'ireo mpamaky mandray anjara amin' ny fisafidianana izay tononkalo mendrika indrindra. Misokatra manomboka anio ny fanaterana ny tononkalo aty amin'ny foiben'ny gazety Midi Madagasikara Ankorondrano. Ampiarahina amin'ny tapakila fandraisana anjara ny tonokalo (jereo ato ankavanan'ny pejy fahatelo ny tapakila sy ny antsipirian' ny fifaninanana). Ny sabotsy 25 martsa 2023 amin'ny 12 ora antoandro no fara fanaterana izany ety an-toerana. Misokatra amin'ny mpamaky rehetra ny fifaninanana, tsy anavahana sokajin-taona na sokajin'olona na maha lahy na mahavavy, fa afaka mandray anjara daholo. Tsy mahazo mandray anjara kosa ny mpiasa sy ny vady aman-janany ato amin'ny Vondrona Midi Madagasikara izay misy ny Gazetiko.

Fy

Masoivoho Inde

# Nanao hetsika nanamarihana ny andron'ny vehivavy omaly



**Ireo tanora naneho ny talentany tamin'ny Yoga.**

Anisan'ireo mba nankalaza ny andro maneran-tany ho an'ny vehivavy ihany koa ny masoivohon'i Inde eto amintsika. Omaly izy ireo no nanao lanonana kely ary nandritra izany no nampisehoan'izy ireo fa maro ireo vehivavy indianina no mitana toerana ambony, efa azo lazaina ihany koa fa efa maro ny sehatra misokatra ho azy ireo. Fehiny, efa azo lazaina fa mipetraka ny miralenta eo amin'ny lahy sy ny vavy any Inde. Anisan'ny porofo amin' izany ohatra ny fandraisana anjaran'ny vehivavy indianina tamin'ny famolavolana ny lahateny momba ny zon'olombelona sy ny miralenta ao amin'ny firenena mikambana. Ramatoa Hajaina Droupadi Murmu ihany koa izao no vehivavy faharoa nitana ny toeran'ny filoham-panjakana India. Ankoatra ireo fandraisampitenenana samihafa dia noravahana seho koltoraly koa ny lanonana teto ka nahafahan'ireo vehivavy tanora manaraka fiofanana momba ny Yoga ao amin'ny masoivoho Inde nampisehoany talentany. Tamin'ny alalan'ny fampisehoana dihy izay anisan'ny tena ahafantarana an'i Inde mihitsy kosa no namaranana ny lanonana.

Tanya.R

FJKM Ambohitrarahaba

# Hiangaly Mozika Klasika sy Jazz ireo mpitendry Orga



**Mpitendry Orga tsy latsaky ny 12 haneho ny talentany.**

"*Orga mamboly olona*". Lohahevitra entin'i Davida Hasina namorona ny Fikambanan'ny mpitendry sy mpankafy Orga manamarika ny fampisehoana ao amin'ny FJKM Ambohitrarahana. Ny alahady izao hanomboka amin'ny 4 ora tolakandro no fotoana ary tsy misy vidimpidrana, saingy rehefa feno ny toerana dia mitsahatra ihany koa ny fampidirana olona. Mpitendry Orga efa fanta-daza sy manana traikefa maro tsy latsaky ny 12 no hanolotra mozika maro amin'ny alalan'ny gadon-kira samihafa eny an-toerana amin'io fotoana io ka hiventso ny mozika klasika, Jazz ary hira sasantsasany ao anatin' ny Fihirana FFPM izy ireo. Hitondra ny traikefany amin' izany i Sonn Trio izay ahitana an'i Sonn sy Njaka ary Josia. Ho avy eny an-toerana ihany koa ry Manohisoa, Ladies Diamondra, Elsie, Rija Ramanantoanina ny LMM ary ny FMMST Ambohimiandra. Anisan'ny hetsika voalohany karakarain'ny Fikambanan' ny Mpitendry sy mpankafy Orga amin'ity taona ity io fa mbola maro ireo fandaharan'asa miandry ny rehetra.

Tiaray R

---

**Gazetiko**

**25 taona**

## FIFANINANANA TONONKALO

### FITSIPIKY NY FIFANINANANA

***Feno 25 taona katroka amin'ny 7 aprily 2023 ho avy izao ny GAZETIKO. Noho izany jobily volafotsy izany, dia misy ny "Fifaninanana tononkalo".***

Toy izao ny fitsipiky ny fifaninanana :

***And. 1 :*** Misokatra amin'ny mpamaky rehetra ny fifaninanana, tsy anavahana lahy na vavy, tsy anavahana taona. Tsy mahazo mandray anjara ny mpiasa sy ny vady aman-janany ato amin'ny Vondrona Midi Madagasikara izay misy ny Gazetiko.

***And.2 :*** Amin'ny teny Malagasy ny tononkalo izay hisy andininy roa, tsy hihoatra ny andalana valo. Lohahevitra : "Gazetiko 25 taona".

***And.3 :*** Hisy dingana roa ny fifaninanana. Ny voalohany hifantenana izay 10 (folo) tsara indrindra. Ny faharoa indray kosa, ianareo mpamaky no hifidy izay 5 (dimy) tena tsara indrindra amin'ireo.

***And.4 :*** Ny mpanoratra 5 (dimy) sy ny mpamaky 5 (dimy) mendrika indrindra samy hahazo loka. Toy izao ny fitsinjarana izany :

| Ho an'ny mpanoratra : | | Ho an'ny mpamaky: | |
|---|---|---|---|
| Voalohany: | 500.000 ariary | Voalohany : | 250 000 ariary |
| Faharoa : | 400.000 ariary | Faharoa : | 200 000 ariary |
| Fahatelo : | 300.000 ariary | Fahatelo : | 150.000 ariary |
| Fahefatra : | 200.000 ariary | Fahefatra : | 100.000 ariary |
| Fahadimy : | 100.000 ariary | Fahadimy : | 50.000 ariary |

***And. 5 :*** Ampiarahana amin'ny takelaka fandraisana anjara izay hetezana eto amin'ny GAZETIKO ny tononkalo hifaninanana. Tsy ekena sy tsy manan-kery ny dika mitovy (photocopie)

***And. 6 :*** Takelaka fandraisana anjara iray, tononkalo iray. Araka izany, afaka mandefa takelaka fandraisana anjara maromaro ny mpandray anjara amin'ny fifaninanana.

***And.7 :*** Aterina aty amin'ny GAZETIKO enceinte Midi Madagasikara Ankorondrano Antananarivo Renivohitra, fara fahatarany **ny sabotsy 25 martsa 2023 hatramin' ny 12 ora antoandro** ny takelaka fandraisana anjara miaraka amin'ny tononkalo ary ny **zoma 7 aprily 2023 hatramin'ny 12 ora antoandro** ny takelaka fandraisana anjara amin'ny fifantenana ireo tononkalo 5 (dimy) tsara indrindra

***And. 8 :*** Ny fandraisana anjara amin'ny fifaninanana dia midika avy hatrany ho fanekena ity fitsipika ity.

---

**Gazetiko**

**25 taona**

## FIFANINANANA TONONKALO

### TAKELAKA FANDRAISANA ANJARA

Anarana : ..........................................................................................

Fanampin'anarana : ..........................................................................

Adiresy : ..........................................................................................

Laharana finday : ..............................................................................

*Aterina aty amin'ny* **Gazetiko** *enceinte* **midimadagasikara**
***Ankorondrano Antananarivo Renivohitra*** *farafahatarany ny*
***SABOTSY 25 MARTSA 2023*** *hatramin'ny* ***12 ora*** *antoandro*
*ity takelaka fandraisana anjara ity miaraka amin'ny tononkalo hifaninana.*

Ambohipo

# Lehilahy tratra namaky trano niharan'ny fitsaram-bahoaka

*Raha nisy kely foana dia saika nanaraka hatramin'ny ainy.*



**Ireo entana nangalarin'ilay olon-dratsy.**

Lehilahy iray 28 taona tratra nangalatra no niharan'ny fitsaram-bahoaka teny Ambohipo omaly tokony ho 9 ora maraina. Ny fokonolona teny an-toerana no nahita an-dralehilahy namaky trano. Nopitsohiny ny varavaran'ilay trano ary niditra tao anatiny izy dia naka izay entana tiany nalaina tao. Teo am-panatontosana izany mihitsy anefa izy no hitan'ny tompon-trano. Ankona ity farany raha nahita ilay mpangalatra tafiditra tao antranony. Ralehilahy kosa teo anatrehan'izay nandeha nitsoaka avy hatrany. Efa naka ny fahitalavitra écran plat iray sy solosaina fentina an-tanana iray ary finday iray tao amin'ilay trano ity olondratsy ity. Tamin'izy nirifatra nandositra io anefa dia tsy namelan'ny fokonolona teo amin'ny manodidina fa dia raikitra ny fanenjehana azy ka tratra ihany izy avy eo. Tamin'io no niharan'ny fahatezeran'ny olona ralehilahy ka nisy ny nidaroka sy namono azy avy hatrany. Fa nandritra izany, nisy ny olona nampandre ny mpitandro filaminana ka raha vao naheno mikasika ny zava-nitranga ny polisy avy ao amin'ny boriborintany faharoa eny Ambohijatovo dia nandeha tany amin'ilay toerana. Soa fa tonga arapotoana izy ireo satria raha nisy kely foana dia saika nanaraka hatramin'ny ain'ity lehilahy tratra nangalatra ity. Nentin'ny polisy tany amin'ny hopitaly notsaboina aloha izy vao nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy. Fantatra fa efa naverina tany amin'ny tompony ireo entana avy nangalarina ireo. Mitohy ny famotorana mialoha ny hitondrana ny raharaha eny anivon'ny fampanoavana.

T.H

Ambanja

# Lehilahy mampihorohoro olona amin'ny basy



**Ilay lehilahy tratra niaraka tamin'ny basy.**

Lehilahy iray 25 taona mandrahona olona amin'ny basy no voasambotry ny polisy tany amin'ny distrikan' Ambanja, afakomaly tokony tamin'ny 7 ora sy folo minitra maraina. Nahazo loharanombaovao ny polisy avy ao amin'ny kaomisaria Ambanja fa misy olona mampihorohoro amin'ny fitaovampiadiana, toy ny basy, tany amin'ny fokontany Begavo, any amin'io distrika voalaza etsy ambony io. Nanoloana izany dia tsy niandry ela ireo mpitandro filaminana fa nidina ifotony tany amin'ilay toerana nizaha ny zava-nisy. Inona tokoa fa nandritra ny fotoana nahatongavan'izy ireo tany dia teo am-pandrahonana olona iray tamin'ny basy teny aminy ralehilahy no tra-tehaky ny polisy. Tsy fantatra mazava aloha hatreto izay tiany natao tamin'io olona io, na herisetra tsotra izao na zavatra hafa mihitsy. Marihina fa basy vita gasy ity tratehaka teny aminy nentiny nanaovana ny asa ratsiny ity. Tsy voafaritra ihany koa ny fiavian'ilay basy. Nosamborina avy hatrany ralehilahy tamin'io fotoana io ary nentina teny anivon'ny kaomisaria.

T.H

Antanifotsy

# Jiolahy 8 nandroba trano sy fisokon'akoho

Nitrangan'ny fanafihana mitam-piadiana tao amin'ny tokantrano iray tao Beseva, fokontany Ambohimitsara, kaominina Antsampandrano, distrika Antanifotsy, afak'omaly. Jiolahy 8 lahy mitondra zava-maranitra no namita an'ity asa ratsy ity. Araka ny filazan'ny tompontrano niharan'ny fanafihana dia vola 60 000 ariary no ravan'ireo jiolahy ireo ary novakiany ihany koa hatramin'ny fisokon'akoho, ka akoho miisa 17 no very tamin'izany niaraka tamin'ny angady ary enta-madinika maro isan-karazany. Tsy nisaron-tava ireo jiolahy ary fantatry tompon-trano ny iray tamin'ireo mpanafika ireo. Tamin'ny alalan'izany no nahafahana nisambotra an'ireto olon-dratsy ireto. Niditra an-tsehatra avy hatrany ny zandary nanao ny fikarohana ireo nahavanondoza ireo ary nisy ny fidinana ifotony natao, notarihin'ny lehiben'ny zanatobim-paritra. Nandritra izany anefa dia tsy nisy tratra intsony ireo mpanao ratsy. Taorian'io dia nitohy ny fanadihadiana ka lehilahy iray no nosamborina. Ity farany dia anisan'ny nandray anjara tamin'ilay fanafihana ka io no tratra tao an-tranony sy nanoro ireo namany hafa. Araka izany dia 5 no efa voatazon'ny zandary ka ny ambiny mbola tadiavina. Ankoatra izay dia nisy tratra tao an-tranon'ireo jiolahy ireo ny entana very.

Ariel D.

## Tatsy sy taroa

***# Jiolahy iray no voasambotry ny mpiambina tao anatin'ny tranon'omby ,*** tao Ampiadinavoko, fokontany Ambohimandroso, kaominina ambanivohitra Vinaninony atsimo, distrikan'i Faratsiho, ny alatsinainy tokony ho tamin'ny misasak'alina. Vao saika hamoaka omby ity tovolahy iray 23 taona ity no tratran'ny fokonolona raha nikasa hitsoaka. Natolotry ny fokonolona ny zandary io jiolahy io hatao fanadihadiana.

***#Nanao hetsika fitokonana ireo mpianatra eny amin'ny « ESPA » Vontovorona, omaly. Zandary 2 no naratra vokatr'izany, notifirin'ireo mpianatra tamin'ny flesy, bala vy « fer 6 ».*** Ankoatra ny fibahanana ny lalana arabe manoloana ny vavahadin'ny oniverisite dia tsy nijanona nitoraka ireo mpianatra ka voatery niditra an-tsehatra nandamina ny mpitandro filaminana.

Ariel D.

Tale Jeneralin'ny Instat

# Miroso ny dinika hamahana ny olan'ireo mpiasa



**Ny Tale jeneralin'ny INSTAT, Ndremitsara Jean Baptiste Tarzan.**

Tafiditra ho laharam-pahamehana ho an'ny Tale jeneralin' ny « INSTAT », Ndremitsara Jean Baptiste Tarzan ny famahana ny olan'ny mpiasan'ny Instat « contractuels » izay anisan'ny nanao fitarainana, ary ny fijerevana manokana ny lafiny maha-olona ho fandrindrana ny sehatra anatin' ity sampandraharahampanjakana ity. Io no navohitrany nandritra ny famindrampintantanana ary ihany koa mbola naveriny indray, araka ny tafa nataon'ny mpanao gazety taminy tetsy amin'ny biraon'ny « INSTAT » Anosy, omaly. Navohitrany fa efa misy ny fifampiresahana sy ny fikatsahana ny fomba handoavana ny karaman'ireo mpiasa ireo ary ny fijerena ny latsakemboka mbola tsy nisitrahan'ireto farany any amin'ny « cnaps ». Araka izany dia efa nisy ny dinika tapaka sy ny fifampandinihana vita tamin'ireo tomponandraikitra teo aloha. Hojerena ihany koa ny tambinkarama, indrindra fa ho an'ireo « droit privé ». *« Tsy maintsy hatao anefa ny fanamarinana , ka araka ny asa vita ihany no hanomezana ilay tambikarama mbola tsy voaloa. Ny tsirairay dia tsy maintsy mandray andraikitra eo amin'ny fampandehanana sy ny fampandrosoana ny asan'ny instat. Hisy ny recyclage ka ny ministera no miara-miasa amin'izany ary jerena raha misy ny « poste budgétaire » ahafahana manao izany »,* hoy ny Tale jeneralin'ny INSTAT, Ndremitsara Jean Baptiste Tarzan. Tsara ny manamarika fa ity farany dia olona manana ny fahaiza-manao ary tsy vahiny amin'ny fandraharahana eo anivon'ny Instat talohan'izao fanendrena azy ho Tale jeneraly izao, ka inoana fa anisan'ny fitaovana iray entina hamaha ny olana eo anivon'ny Sampandraharaha mpikirakira ny antontanisa ity ny tenany.

Ariel D.

**Gazetiko**
novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 974 - 03 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

*Nahandro*

## Akoho gasy sy tongo-kisoa

*Zavatra ilaina : - akoho gasy, - tongo-kisoa, sakamalao, sira, hanitra izay tiana.*

*Fikarakarana azy : tetehina ny akoho gasy sy tongo-kisoa. Miaraka arotsaka sy endasina anaty vilany ny hena rehetra. Avela hiketrika ao mandrapalemin'ny hena. Arotsaka ireo sakamalao sy ny hanitra izay tiana ary ny sira. Azo andrarahana "thym" rehefa holoarana.*

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

*Marika*




## Hatsikana an-tsary

*Hamorona*




## Masoandro miposaka

**Deoteronomia 23 : 10-11**

Raha mivoaka hiady amin'ny fahavalonao ny tafikao, dia mifadia ny ratsy rehetra. Raha misy olona eo aminao, izay tsy madio noho izay nanjo azy tamin'ny alina, dia hivoaka eny ivelan'ny toby izy, fa tsy hiditra ao anatiny.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




*Tantara sy sary:* Nil

## Ohabolana



Vay an-kandrina, ka sarotra afenina.

Un furoncle sur le front est difficile à cacher.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2897

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 2 | | | 6 | | 7 | | | 3 |
| | | | | | | | | 2 |
| 4 | 8 | | | | | 6 | | 5 |
| 6 | | | | | | 7 | 4 | |
| 9 | | | 3 | 1 | | 8 | | |
| | | | 2 | | | | | |
| | | | | | 9 | | | |
| 7 | | 8 | | 6 | | | 3 | |
| 1 | 9 | | 4 | | | 2 | | |

Valin'ny laharana 2896

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 5 | 6 | 8 | 2 | 7 | 4 | 9 | 1 | 3 |
| 4 | 2 | 7 | 3 | 1 | 9 | 8 | 6 | 5 |
| 9 | 3 | 1 | 5 | 6 | 8 | 7 | 2 | 4 |
| 1 | 4 | 6 | 7 | 8 | 3 | 2 | 5 | 9 |
| 2 | 7 | 5 | 9 | 4 | 1 | 3 | 8 | 6 |
| 3 | 8 | 9 | 6 | 5 | 2 | 4 | 7 | 1 |
| 6 | 5 | 3 | 4 | 2 | 7 | 1 | 9 | 8 |
| 8 | 9 | 2 | 1 | 3 | 5 | 6 | 4 | 7 |
| 7 | 1 | 4 | 8 | 9 | 6 | 5 | 3 | 2 |

Famolavolana lalàm-pifidianana vaovao

# Firaisamonimpirenena 14 mangataka ny FFKM hitarika fikaonandoham-pirenena

*" Maika ny fanatanterahana izany mba hisorohana ny disadisam-pifidianana sy ireo mety ho fiantraikany ratsy amin'ny fiarahamonina sy ny toekarena ", hoy ny fanazavana.*

Itovian'ireo firaisamonim-pirenena 14 nanao fanambarana iraisana omaly hevitra ny tsy maintsy hanovana ny fitsipi-dalao hampiharina mandritra ny fifidianana izay ho filoham-pirenena ho avy izao. Araka izany, mangataka ny mba hitarihan'ireo Raiamandreny ara-panahy fikaonan-doham-pirenena hamolavolana izany ireo firaisamonim-pirenena ireo. Toy izao ny voarakitra ao amin'ilay fanambarana : « *Mangataka izahay ny mba hitarihan'ny FFKM io fifampiresahana io, ka hanasany ny tomponandraiki-panjakana (Mpanatanteraka, Mpanao lalàna, Mpampihatra lalàna), ny mpanao politika sy ny mpisehatra ivelan'ny Fanjakana (Firaisamonimpirenena, sendika, seha-pamokarana tsy miankina, Fikambanana ara-pinoana), hiaraka handinika ny vahaolana tsy miangatra* ». Araka ny fanazavana, tokony hifameno amin' ny fikarakarana ny fifidianana izany fifampidinihana izany fa tsy sanatria hampisy fahatarana amin'ny fiatrehana ny fifidianana.

**Miahiahy ny CENI sy ny HCC**

Toy izao ny soso-kevitra tetiandro aroson'ny firaisamonim-pirenena hanatanterahana izany : fifanakalozankevitra eo amin'ny mpisehatra sady fivoriana voalohany amin'ity volana marsa ity, famolavolana ireo fanovana hatao amin'ny lalam-pifidianana ny volana aprily, fametrahana izany eo anivon'ny Governemanta sy ny Antenimiera ny volana mey, fanitsiana ny lalana mifehy ny tetibolam-panjakana ampidirana tetibola ampy hanatanteahana ny fifidianana filoham-pirenena sy kaominaly ny volana mey, fandaniana sy famoahana lalàna amin'ny volana jona ary fanaovana tombana ny fandrosoan'ny fanovana sady fivoriana farany ny volana septambra. Ao anatin' izany rehetra izany, mbola nanamafy ny ahiahiny amin' ny famatsiam-bola ny fampielezan-kevitra sy ny tsy fitanilan'ny CENI sy ny HCC ary indrindra ny fahavitsian' ny mpifidy manao ny adidiny ireo firaisamonim-pirenena 14 ireo. Isan'ny nanao sonia ny fanambarana ny Transparency International, ny Rohy, ny SAFIDY, ny Liberty 32,...

**Mamy R.**

## Marina izany !

### Mba tsy ho seho ivelany fotsiny !

**Tsy diso anjara amin'ny fankalazana ny 8 marsa, isantaona ny eto Madagasikara. Nanakoako eran'ny fampahalalam-baovao sy ny tambajotra sôsialy omaly ny sary sy ny vaovao mikasika ny diabe, notarihin'ny vadin'ny filoham-pirenena, anisan'ny hetsika nanamarihana izany. Fantatra fa nio no tena ivon'ny fankalazana ary efa samy manana ny fandaharam-potoanany sy ny fomba hanamarihany izany ny any amin'ny faritra rehetra any. Ny irariana dia mba tsy ho seho ivelany fotsiny fa harahina asa, hampandrosoana ny vehivavy malagasy, araka ny sokajim-piarahamonina sy ny laharana misy azy avy ny hetsika rehetra atao, mandritra ny andron'ny vehivavy. Marina fa tsy hita taratra eto amintsika loatra intsony ny fanilikilihana, amin'ny maha vehivavy amin'ny sehatry ny asam-panjakana na any amin'ny tsy miankina sy ny fanomezana andraikitra ambony ny renim-pianakaviana, saingy mbola misy ny olana tokony hovahana. Ao anatin' izany ohatra ny ezaka heverina fa mbola lavitra, handresen-dahatra ny vehivavy hahasahy hitoroka ny herisetra mianjady aminy ao ana-tokantranony. Mora ampitenenana izany fa sarotra tanterahina, noho ny tahotra sy ny tsindry mihatra amin'izy ireny. Marina fa misy ireo fikambanana samihafa napetraka hihaino ny fitarainan' izy ireny, fa tena mamaha olana ve sa zary lasa fombafomba fotsiny ? Mahavaha tanteraka ny olana ve ny fifampiresahana amin'izy ireny ? Ary inona no paikady tokony hapetraka raha toa ka tsy miravona ny disadisa ka tsy maintsy hiakatra fitsarana ny raharaha, mba tsy ho fotoana very maina fotsiny. Santionany amin'ny olana sedrain'ny vehivavy ireo ary vato misakana ny fivoarany, mba hahatonga azy ireny ho olom-pirenena matoky tena !**

Voahangy Rakotozafy

Razanamahasoa Christine

# "Tsy misy eritreritra ny mety hiverenan'ny fitsipaham-pitokisana hatreto"



Niresaka ny fahitany ny raharaham-pirenena omaly Rtoa Razanamahasoa Christine. Nambarany tamin'izany fa ao anatin'ny fanomanana ny fivoriana ara-potoana voalohany amin'ity taona ity ny Antenimierampirenena amin' izao fotoana izao. Raha namaly ny fanontanian'ny mpanao gazety mikasika ireo raharaha mafana teo anivon' ny Antenimierampirenena ny tenany dia nilaza mazava fa « *tsy misy eritreritra ny mety hiverenan'ny fitsipaham-pitokisana ny governemanta hatreto* ». Nisy moa ny filazana fa tsy tokony hahafoana ny fitsipaham-pitokisana nosoniavin'ny solombavambahoaka maro an'isa ny taratasy nataon'ny birao maharitra. Nambara ho tsy mifanaraka amin'ny lalàmpanorenana koa ny endrika nampiatoana izany, ka nahatonga ny Filankevitra Ambony Miaro ny Demokrasia sy ny Tany Tandalàna (HCDDED) nandefa ny fangatahana ny hampiatoana ny Filoham-pirenena amin'ny asany eo anivon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC). Nambaran'ny Filohan'ny Antenimierampirenena fa tsy tokony hahomby izany, ary tsy ao anatin'ny andraikitry ny HCDDED. « *Fanamarinana ny fifanarahan'ny tranga amin'ny lalampanorenana no andraikitry ny HCC. Ny Fitsarana Avo (HCJ) kosa no manana fahefana mitsara raha misy olom-panjakana ambony nanao heloka na fandikana lalàmpanorenana* », hoy izy.


**JUDD**

Tetikasa fikojakojana lalana

# Hiainga amin'ny aprily ireo teknisianin'ny Asa Vaventy hanaraka fiofanana any Japon

Nandray ny masoivohon'i Japon, miasa sy monina eto amintsika, sy ny solontenan' ny JICA teny amin'ny trano fiasany, omaly ny minisitry ny Asa Vaventy, Andrianatrehina Livah. Noresahina nandritra ny fihaonana ny fitohizan'ny fiaraha-miasa eo amin'ny firenena roa tonta. Voakasik' izany ohatra ny fanambo arana ny tetezana mampitohy an'Antsapanana sy Mangoro, vatsian'ny JICA, izay marihina fa ny 45% amin'ny asa no efa vita. Ankoatra izay, fantatra ihany koa fa amin'ny volana aprily ho avy izao no hanainga ny andiany voalohany amin' ireo teknisiana, eo anivon'ny minisiteran'ny Asa Vaventy, hanaraka fiofanana any Japon. Fiofanana tafiditra ao anatin'ny tetikasa fampivoarana sy fikojakojana ny lalana. Efa miresaka minisiteran'ny Asa Vaventy hatrany dia fanadiovana ny manodidina ny toeram-piasana, etsy Anosy no nanamarihan'ny mpiasa vehivavy, notarihin'ny tale jeneralin'ny INFRA, Seheno Rakotobe, ny 8 marsa, omaly. Ny foiben'ny minisiteran'ny Asa Vaventy izay tsiahivina fa ahitana tale jeneraly vehivavy roa, tale sy mpandrindra tetikasa vehivavy fito ary mpiasa vehivavy 250.

**V.R.**



**Ny masoivohon'i Japon, SEM ABE Koji, sy ny minisitry ny Asa Vaventy.**

Fikambanana "Graine de vie Madagascar"

# Manome sehatra sy lanja ny vehivavy



**An-tsitrapo tanteraka no hikarakaran'ireo vehivavy ny tanin-janakazo ao Ankazobe.**

Nanomboka ny fotoana niforonany, dia hita fa mirobo-robo ny fanomezana toerana ny vehivavy teo anivon'ny fikambanana « Graine de vie Madagascar ». Ny resaka fiarovana ny tontolo iainana sy fambolena hazo moa no tena ahafantarana ity fikambanana ity. Tafiditra indrindra amin'izao fankalazana ny andron'ny 8 marsa izao, dia nomena sehatra manokana ny vehivavy amin'ny fikarakaran'izy ireo ny tanin-janakazo. Mahatratra hatrany amin'ny 37 ka hatramin'ny 47 isan-jato ireo vehivavy mitazona tanin-janakazo. « *Mahafaly ahy tokoa ny manampy ny fikambanana amin' ny fikarakarana tanin-janakazo satria tombotsoa ho anay izany* », hoy ny renim-pianakaviana iray, avy amin'ny fikambanam-behivavy ao amin' ny faritry ny valan-javaboahary Ambohitantely ao Ankazobe, izay manampy amin ny fikarakarana sy fanosohana zanakazo, amin'ny tanin-janakazo ny « Graine de Vie » ao an-toerana.

**JUDD**

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

CAN 2023 - Fifanintsanana

# Matihanina 15 lahy no nantsoin'i Nicolas Dupuis hanampy ny Barea

Nampahafantarin'ny federasionina, omaly ny anaran' ireo mpilalao 25 mirahalahy, voatazona farany, hiaro ny voninahi-pirenena amin'ny lalao fifanintsanana amin'ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika 2023, andro faha-3 sy faha-4, izay hifanaovan'ny Barea de Madagascar amin'ny "Les Fauves"-n'i Republique Centrafricaine amin'ny alakamisy 23 martsa 2023, eny amin'ny kianjan'i Mahamasina (4 ora), sy ny alatsinainy 27 martsa 2023 (2 ora) any Douala (Cameroun). Tafaverina eo amin'ny fiandrasana tsatoby Rakotoasimbola Zakanirina "Nina" sy Rajomazandry Andrinirina "Joma", niatrika ny CHAN 2022, miaraka amin'i Melvin Adrien. Ankoatra an'i Boto Kenji Van sy Jeremy Morel ary Ouassiero Sylvio, dia mbola nantsoin'i Nicolas Dupuis ihany koa izy efadahy tompon-toerana tany amin'ny CHAN 2022, dia Randrianiaina Tantely sy Razafindraibearimihanta Rajo "Berajo", ary Rakotonirina Jean Martin "Datsiry" sy Rabarijaona Tantely Avotriniaina "Dadafara". Tahaka izany koa ireo irakiraka, toa an'Andrianarimanana Arohasina "Dax" sy Randriantsiferana Tokinantenaina "Tsiry" ary Rafanomezantsoa Lalaina. Ao amin'ny lohalaharana dia i Jean Yves Razafindrakoto irery ihany no mpilalao avy eto an-toerana, miaraka amin'i Abdallah Hakim sy Donisa Julio. Toy izao kosa ireo "expats"sasany : Manoelantsoa Ando "Pro" - Ilaimaharitra Marco - Amada Ibrahim - Raveloson Rayan - Randriambololona Zotsara - Lapoussin Loïc - Bertrand Dorian - Razafindranaivo Koloina "Rakool" - Rakotoharimalala Njiva. Tonga voalohany eto amintsika, omaly, i Dimitri Caloin fa tsy ao anaty lisitra ny anarany.

**aris rafaly**

"JOurnalistes BAsketteuses (JOBA)" - Andron'ny Vehivavy Erantany

# Handray anjara amin'ny fifaninanana

Taorian'ny nandraisany anjara tamin'ny "Alley Hoop 2K23", teny amin'ny lapan'ny fanatanjahantena sy kolontsaina Mahamasina tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo, dia anisan'ireo ekipa nasain' ny tomponandraikitra, hankalaza ny Andron'ny Vehivavy Eran-tany amin'ny fifaninanana basket-ball, eny amin'ny kianjan'ny Sekolintsika EKAR Analamahitsy, anio maraina, ny " *JOurnalistes BAsketteuses* (JOBA)". Efa vonona tanteraka, hifampitana amin'ireo mpifanandrina aminy ao amin'ny ekipan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) sy ny "Axian " Telma, ry Mamitina – Vola – Kanto – Lova – Sand – Cathia – Nath. Toy izao ny fizotran'ny fandaharam-potoana eny an-toerana : 08 ora : Fandraisana ny nasaina sy ny mpilalao ; 09 ora : Kabary ifandimbiasana ; 09 ora 15 : Fanaovana " Zumba" ; 09 ora 30 : Fanombohan'ny Fifaninanana ; 10 ora 30 : Famelabelaran-kevitra ; 10 ora 45 : Famaranana ny fifaninanana ; 11 ora 30 : Fanentanana momba ny VBG ; 11 ora 45 : Fanaovana "Zumba".

**a.r**

Volley - CCC Zone 7

# Tsy nitsanga-menatra ny GNVB izay nampijoro mpilalao tanora

*Mila mijery lavitra isika tamin'ny safidy nampilalao tanora.*



**Nandritra ny fahatongavan'ny GNVB tetsy Ivato omaly. (Sary : Rabenaivo)**

Tafaverina teto an-tanindrazana omaly ny delegasiona ny GNVB, avy niatrika ny andiany faha-27 tamin'ny fifaninanana CCC Zone 7, taranja Volleyball. Efa nataterina teto ny vokatra, izay nambaran'ny filohany, Chef d'escadron commandant Fortunat tetsy Ivato, fa nahafa-po, satria nisafidy hampilalao tanora ny GNVB ary tsy diso izany safidy izany. *"Raha hitantsika dia ny GNVB samy izy no nifaninana tamin'ny lalao famaranana ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara farany teo"*, hoy ity filoha ity, izay nanamafy fa " rehefa tany Maorisy dia tanora no najoro ka Andry irery no 40 taona, "mila mijery maharitra isika", hoy hatrany ny filohan' ny GNVB, izay nahatsapa fa nisy fahalemena kely ihany izany rehefa nihaona tamindry zareo La Réunion. Ireto farany nisafidy hampijoro zokiny avokoa. Lesoka koa ny tsy fahampian'ny fifaninanana ho antsika, hoy ny filohan'ny GNVB, satria dia efa tamin'ny septambra ny Mada. Ho an'ny vehivavy kosa dia nifanaraka tamin'ny zavatra nomanina ny vokatra azony, hoy ny Chef d'escadron commandant Fortunat, satria dia ekipa efa in-4 nahazo ny CCC Zone 7 Quatres bornes, raha efa in-8 ny Anse Royale, izay nifanandrina tamin'ny GNVB vao sambany nandray anjara. Mahita ity mpitantana ity fa efa lehibe ny mpifanandrina amintsika, toa ny Anse Royale izay efa tompondakan'i Afrika 2001 saingy mbola ireny « championne d'Afrique » ireny. Mikasa ny hitondra fanatsarana ny GNVB na eo amin'ny olona na ny teknika amin'ny ho avy. "Misy ny tokony hohatsaraina", hoy Ingahy filoha, *"mijery zavatra maharitra isika, ny akamaroan'izy ireo mandrafitra ny ekipam-pirenena"*. Ny GNVB dia tafiditra anatin'ny ekipa mafy voalohany. i La Réunion sy Seychelles no niaraka taminy saingy tafavoaka isika. Ho an'ny Tale teknika Nasionaly kosa dia nahita fa "niakatra ambony ny haavo teknika taty amin'ny Oseana Indiana. Ekipa tsy nampoizina ny GNVB vehivavy, tsy mahakivy ny vokatra fa hitarafana sahady ny ho avy rehetra. Elanelan'isa kely fotsiny no tsy nahatafakatra ny solontenantsika tamin'ny manasa-dalana sy famaranana", hoy Noré kely, ka ho hita eo ny fanitsiana ny lesoka. Nahazo fankasitrahana mahakasika ny « coaching » sy fampandrosoana ny FMVB moa ity DTN ity.

**Rabenaivo**


MINISTERE DE L'EDUCATION NATIONALE

UNITÉ DE FACILITATION DE PROJETS (UFP)

## RÉALISATION DE LA COMPOSANTE 7 DU PROJET D'APPUI À L'ÉDUCATION DE BASE (PAEB) - APPUI AU PLAN DE RIPOSTE À LA PANDÉMIE DE COVID-19 DU MINISTÈRE DE L'ÉDUCATION NATIONALE (MEN)



Depuis 2020, la pandémie de Covid-19 a touché plus de 7 millions d'élèves malagasy (dont plus de 900 000 dans les écoles maternelles et près de 3 600 000 dans les écoles primaires) et 244 000 enseignants.

Pour faire face à cette situation, le Ministère de l'Éducation Nationale (MEN) a reçu un fonds d'urgence de 14,75 millions USD du Partenariat mondial pour l'éducation (GPE) à travers le Projet d'Appui à l'Éducation de Base (PAEB) dédié à l'appui des activités relatives au « *Plan de Riposte à la pandémie* ». L'objectif étant d'assurer la continuité de l'éducation primaire pendant la période de confinement, tout en se préparant à la réouverture des classes et en renforçant la résilience du système éducatif.

Le financement débuté en 2020 a été officiellement clôturé le 31 décembre 2022. Aujourd'hui, les réalisations finales sont disponibles. Les voici :

**• Impression de Cahiers de Soutien Scolaire et de livrets de corrigés en 4 935 389 exemplaires, sur les thématiques suivantes :**

-Français et Calcul pour les niveaux 8ème (1 008 207 exemplaires), 9ème (1 438 273 exemplaires) et 10ème (1 746 226 exemplaires) ;

-Histoire – Géographie et Connaissances Usuelles pour le niveau 7ème (742 683 exemplaires).



**• Conception et enregistrement de contenus multimédias interactifs et d'émissions radiophoniques pour les enseignants :**

- 130 contenus interactifs produits pour la plateforme e-learning ;

-525 contenus audio et 526 tutoriels vidéo / objet de montage / enregistrement ;

-10 émissions télévisées conçues et diffusées pour assurer le soutien psychologique des élèves et des parents.

**• Formation à l'utilisation de la plateforme e-learning :**

-10 000 tablettes octroyées, avec accès à la plateforme e-learning, livrées à 5 000 établissements scolaires ;

-9 963 enseignants formés sur l'utilisation de la plateforme e-learning (avec UNICEF/UNESCO).

**• Activités d'assistance technique de l'UNICEF/ UNESCO :**

- 78 concepteurs et techniciens formés ;

-Plan de suivi-évaluation des produits éducatifs radiophoniques établi ;

-Appui technique pour le processus d'élaboration, de définition des spécifications techniques et d'assurance qualité des Dispositifs de Lavage de Mains innovants (DLM) ;

-20 730 établissements scolaires dotés de Dispositif de Lavage de Mains (DLM) pour le renforcement des conditions sanitaires et d'hygiène des établissements.

**• Allocation d'une aide spéciale aux enseignants non subventionnés :**

-50 899 enseignants bénéficiaires de l'Aide Spéciale Unique (ASU) durant toute la durée de la sous-composante.

UNITÉ DE FACILITATION DE PROJETS (UFP)
Lot 18 bis, 1 Rue Rainitovo Antsahavola,
Antananarivo 101, Madagascar
Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena Ofisialy
Numéro vert : 020 30 807 86
www.education.gov.mg

G CL 406/31-6